Ny laharana tsara indrindra ho an'ny lehilahy dia ny voalohany, ary ny ratsy indrindra dia ny farany, ary ny laharana tsara indrindra ho an'ny vehivavy dia ny farany, ary ny ratsy indrindra dia ny voalohany

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (Ş.A.W) manao hoe : "Ny laharana tsara indrindra ho an'ny lehilahy dia ny voalohany, ary ny ratsy indrindra dia ny farany, ary ny laharana tsara indrindra ho an'ny vehivavy dia ny farany, ary ny ratsy indrindra dia ny voalohany."

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nilaza ny Mpaminany (S.A.W) fa ny laharana tsara indrindra ho an'ny lehilahy amin'ny vavaka ary hahazoana valisoa betsaka kokoa dia ny laharana voalohany; Noho ny izy akaiky ny imam sy ny fihainoan'izy ireo ny famakiany, ary ny hoho izy ireo lavitra ny vehivavy, Ny ratsy amin'izany no sady kely valisoa, ary ny lavitra indrindra amin'izay takin'ny lalàna, dia ny farany. Ny laharana tsara indrindra ho an'ny vehivavy dia ny farany; Satria manafina kokoa ny aminy izany sady manalavitra ny fifangaroana amin'ny lehilahy sy fahitana azy ireo sy ny fakam-panahy aminy. Ary ny ratsy indrindra amin'izany dia ny voalohany; Noho ny maha akaiky azy amin’ny lehilahy sy ny mety hisian’ny fakam-panahy.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/11299